AMBOHIMALAZA 4

# ANKIZIVAVY 12 TAONA, NIPETRAKA IRERY, NAOLANA TAO AN-TRANONY

MARINA IZANY ! 7

## FAMBARA HAFAHAFA !

ROTSAK'ORANA 8

HITOHY ATO ANATIN'NY 4 ANDRO

## MBOLA HIAKATRA NY HAAVON'NY RANO



Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7477 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 23 janoary 2023

FILANKEVI-PITANTANAN' NY OMDA 2



## MANOHITRA NY FIFIDIANANA HATAO RAHAMPITSO NY SENDIKAN'NY KANTO

FFKM 7

# HIDITRA AN-TSEHATRA HANARA-MASO NY FIFIDIANANA FILOHAN'NY REPOBLIKA



FIFANINANANA SARY PIKA 2022 2

## SANGANASAN'I BERISON NORÉ AVY ANY AMBANJA NO VOALOHANY

HERY RAJAONARIMAMPIANINA 7

# MILA FIFIDIANANA EKEN'NY REHETRA NY MALAGASY HISOROHANA NY KORONTANA

FANAMBOARANA NY RN6 7

## HAHARITRA 8 VOLANA NY ASA, HATOMBOKA AMIN'NY TEBOKA MAINTY



Filankevi-pitantanana ny Omda

# Manohitra ny fifidianana atao rahampitso ny sendikan'ny kanto

*Mihenjan-droa ny tady eo amin'ny samy mpanakanto zokiny sy zandriny.*


" Tolona sendikaly izao no hitondranay azy " hoy i Rossy

Taorian'ny fanambarana nataon'i Jaojoby sy Samoela, mpikambana eo anivon'ny filankevi-pitantanana teo aloha, mikasika ny fifidianana izay ho mpikambana vaovao. Niantso mpanao gazety indray ny sendikan'ny kanto ny marainan'ny sabotsy 21 janoary lasa teo, tesy amin'ny Kianjan'ny Kanto. I Rossy sy Dama no lohandohan'ny mpisorona tamin'ireo mpikambana tamin'izany. Teboka telo no namintinan-dRossy ny fanambarana nataon'izy ireo : *«voalohany, aloavy aloha ny volanay fa ianareo no nanakorontana ny Omda (efa ho herintaona no tsy nandray zon'ny mpamorona ). Faharoa, nokorontaninareo ny Omda, ka niala avokoa na ny mpiasa tokony hikarakara ny zonay. Fahatelo, atsaharo ny fanaratsiana anay olondehibe sy manana ny hajany …. tsy mety ny mifanenjikenjika*" hoy i Rossy. Hentitra koa izy nilaza fa : *"Ho avy eo koa izahay…tsy misy fifidianana mandeha eo."*

Ny artista zandriny kosa etsy ankilany efa mifampitaona hitady fanovana ka rahampitso amin'ny fifidianana no hanehoan'izy ireo firaisankina amin'izany. Ho an'ireto zoky anefa, nilaza i Rossy fa miendrika fanitsakitsahana ireo artista zokiny an-tampondoha ny fanatanterahana maimaika ny fifidianana izay hatao rahampitso io. Nohamafisiny ny tenin'i Samoela ny zoma teo hoe misy tetiandro tokony harahina ny fanatanterahana ny fifidianana. I Dama kosa nilaza fa tokony homena fahaleovantena ny artista ary *«tsy fotoana fambolena disadisa izao»*. Hanao ahoana ny zavatra hitranga eny amin' ny Lapan'ny Kolontsaina rahampitso ?

Fy

IFM

# Hankalaza ny taombaovao amin'ny sabotsy izao

Amin'ny sabotsy izao ny eo anivon'ny IFM no hanao fety fankalazana ny taombaovao. Toy ny efa fanaon'izy ireo isan-taona dia amin'io fotoana io no ampahafantaran' izy ireo indray izay ho programa ho hita ao amin'ny IFM mandritra ity taona vaovao ity. Marihina moa fa misy maromaro ny zavatra hiova ho hita amin'ity taona ity, hatolotry ny IFM ho an'ireo efa mpikambana sy ho an'ny rehetra. Hisy koa ny hetsika vaovao mbola tsy fahita tao. Miresaka ity farany dia tsara ny mampahatsiahy fa anisan' ny hetsika vaovao natolotry ny IFM tamin'ny taona lasa ilay "lapihazo" izay misokatra ho an'ny mpanakanto vao mitrandraka talenta. Nanampy mpanakanto maro mihitsy ny fisian'izany. Ankoatra ny fampahafantarana hetsika dia hisy koa ny fiaraha-mikorana hohafanain' i Dj Manou mandritra io fotoana io. Ho feno dia feno sady hafana mihitsy, araka izany, ny fotoana amin'io ka dia antenaina fa ho tonga maro isika hiara-kifanotrona ao anatin'izany.

Tanya.R

Tovo j'hay

# Hanolotra fampisehoana eny Talatamaty

Hisantaran'i Tovo j'hay ny fiakarany an-tsehatra amin'ity taona ity ny fampisehoana izay hataony eny amin'ny Dana club Talatamaty. Ny zoma 27 janoary izao izany no hotanterahina ary hanomboka amin'ny valo ora alina ny fotoana amin'io. Hitondra ireo vazo nahafantaran'ny mpankafy azy indray izy amin'io fotoana io. Tsy handeha irery koa anefa izy fa hiaraka aminy ao koa ny tarika Quator squad. Eo koa i Steph Rambi ary i Safiid. Hiaraka hanolotra zavatra miavaka izy ireo mandritra ity fotoana ity ary dia manantena fa ho maro isika mpankafy no ho avy. Efa mivoaka moa ny tapakila ary efa azo jifaina manomboka izao.

Tanya.R


Efa vonona izy amin'izao hanome izay tsara avy aminy.

"135ème Concert Classique du Midi "

# Miravo Ramarolahy eny amin'ny Ekar Faravohitra rahampitso

Handray anjara amin'ilay hetsika fanandratana sy fampahafantarana ny mozika Clasika i Miravo Ramarolahy. Fanao isaky ny ora tsy fiasana eo anelanelan'ny amin'ny 12 ora antoandro ka hatramin'ny 1 ora sy sasany izy io. Andiany faha-135 ity handraisan'i Maravo Ramarolahy ity ka hanampy azy amin'izany i Hasina Stéphane ( Trompettte) sy By Ramaroson (Saxophone Soprano). Eny amin'ny amin'ny EKAR FAravohitra no hanatanterahana izany rahapitso talata manomboka amin'ny 1 ora tolakandro.


Fampisehoana Classique indroa miantoana no hatolotr'i Miravo Ramarolahy sy ny ekipany amin'ity herinandro ity.

Misokatra amin'ny 12 ora ny varavarana ary hikatona amin'ny 1ora latsaka dimy tahaka ny mahazatra. Hizara roa ny fampisehoana ka ny tapany voalohany no hamelomany'izy 3 lahy ny hiran'i Johann Sebastian Bach. Ny tapany faharoa kosa no handrenesana ny sanganasan-dRy Henry Purcell sy Johannes Brahms, Edward Elgar, Hubert Parry ary Jeremiah Clarke sy Théodore Dubois sy ny maro hafa. Maimiampoana fa tsy misy vidim-pidirana ny hetsika saingy mila manaja ny ora fidirana fotsiny. Fa ankoatra izay dia entin'izy telo lahy etsy amin'ny AFT Andavamamba indray izany fampisehoana izany ny alahady 29 janoary amin'ny 4 ora hariva tsy diso izay tafiditra ao anatin'ilay hetsika "6ème Dimanche Classique". Misokatra amin'ny 3 ora ka hatramin'ny 4 ora latsaka 5 minitra ny varavarana ary tsy hisy ihany koa ny vidimpidirana. Hahazo tombony indray izany ny mpankafy mozika classique amin'ity herinandro ity sady ny sanganasan'ireo olo-malaza eo amin'ity gadona ity no ho henoindray.

Tiaray Rakoto

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tompon-bika sy hatsarana, mety ho avara-pianarana no fahitana ireo tanora; fa ny tompon-traikefa, fahalalana rehetra rehetra, dia ireo ela nihetezana, ireo efa fotsy volo."

**Ny Vetso (26.02.14)**

("Car le jeune homme est beau mais le vieillard est grand." Victor Hugo)

Fifaninanana sary pika 2022

# Sanganasan'i Berison Noré avy any Ambanja no voalohany


"Angano", sanganasan'i Barison Noré, ilay manao akanjo manga eo afovoan'ny sary no nahazo ny voalohany.

Tanora maro avy amin'ny faritra samihafa eto Madagasikara no nandray anjara tamin'ny fifaninanana sary pika nokarakarain'ny Harena –Madagasikara. Tamin'ity andiany faha-7 ity (2022) dia ny sary nitondra ny lohahevitra hoe "*Angano*", sangansan'i Barison Noré avy any Bealanana Ambanja, no nahazo ny loka voalohany. Taratasim-bola mitentina 900 000 Ar no azony tamin'izany. Maro ny hevitra nentin' i Bearison Noré nentina nandresy lahatra ny mpitsara mikasika ny sary "Angano" ity, izay ahitana raim-pianakaviana mitantara angano eo amorom-patana miandry ny sakafo hariva atrehin'ny ankohonana. Tsy hita firy intsony any anaty tokantrano malagasy anefa io fitantarana angano amorom-patana fanoan'ny raiamandreny taloha io. Fomba nentin'ireo Ntaolo malagasy nananatra ny zaza sy nampita ny toetra tokony hananany anefa izany. Harem-pirena malagasy tsy manan-tsahala sady tsy ananan'ny firenena hafa maneran-tany ny vokatra entin'ny fitantarana angano. *"Harem-pirenena malagasy tsy hita maso anefa tena mila ampitaina amin'ny taranaka fara mandimby io"*, hoy Noré. Anisan'ny niteraka ny olana ny fidirian'ny teknolijia vaovao, toy ny fahitalavitra sy ny "internet". Variana amin'ireo ny ankohonana ka tsy misy intsony ny fotoana hifampiresahana. Nilaza i Barison Noré fa hiroso amin'ny fakana sary matihanina amin'izay izy aorian'izao nahazoany voalohany izao. Ny sarin'ny natiora sy ny havoana sy lohasaha no tena hifotorany amin'izay fotoana izay. 5 taona teo izay izy, raha ny fanazavany, no liana amin'ny sary sy fakana sary. Nanome aingam-panahy ho azy ity fifaninana sary pika ity. Nifanandrify indrindra tamin'ny foto-kevitra sosialy ijoroan'i Harena sy Harena Madagasikara momba ny fampahalalana ny harem-pirenena sy vakoka izany ka dia natolotra azy ny anaram-boninahitra.

**Antananarivo ny faharoa sy fahatelo**

Nahazo ny laharana faharoa teo amin'ity fifaninana ity ny sanganasan-dRandriandroy Mickael Camilo mitondra ny lohahevitra hoe "Baobab", ka nandrombahany ny taratasimbola mitentina 600 000 ariary, ary ny sanganasan-dRazafinoelisoa Julie Irène mitondra ny lohahevitra hoe " Volamena" no fahatelo. Samy avy eto Antananarivo avokoa izy ireo. Fa ankaotra izay, ny sary rehetra na ireo dimy voalohany dia haranty ao Parisy ao anatin'ny sehatry ny "Etats Géneraux" ho an'ny Malagasy ampielezana. Izy ireo koa dia azo aranty araka izay fanapahan-kevitry ny mpikarakara any amin'ny toerana samihafa, na eto Madagasikara na any Frantsa hatramin'ny faran'ny taona 2023.

Ny asabotsy teo teny amin'ny Akademia Malagasy eny Tsimbazaza moa no nanotolotra tamin'ny fomba ofisialy ny anaran'ireo mpandresy sy nanolorana ny loka. Tonga nanatrika izany ireo mpikambana eo anivon'ny Harena-Madagasikara notarihin'ny filohany Manalintsoa Zafi sy ireo vahiny maro nasaina.

Tiaray Rakoto

CHAN 2022

# Ho fantatra anio ny hoavin'ny Barea de Madagascar



Tombony ho an'ireto mpilalaontsika ireto ny fananany firaisankina sy firaisan-tsaina !

*Nanterin'ny mpanazatra Rôrô fa tsy manan-tsafidy afa-tsy ny mandresy an'i Soudan ny ekipam-pirenentsika raha te hiatrika ny lalao ampahefa-dàlana.*

Hifarana anio ny lalao fifanintsanana ao anatin'ny vondrona C misy an'i Madagasikara sy Ghana ary Soudan sy Maroc, izay niala an-daharana. Araka ny fanapahan-kevitra noraisin'ny mpitantana ny Kaonfederasionina Afrikanina amin'ny Baolina kitra dia mahazo isa telo avokoa ny ekipa miaradia aminy. Efa azo lazaina fa tafita amin'ny dingan'ny lalao ampahefa-dàlana ny Black Galaxies-n'i Ghana manana isa 6, izay nanamontsana an'i Soudan tamin'ny isa 3 no ho 1 fa miandry ny hiady laharana aminy eo amin'i Madagasikara sy Soudan, hifampitana anio alina (10 ora) any amin'ny kianjan'i Chahid Hamlaoui any Constantine (Algerie). Momba ny hoavin' ny Barea de Madagascar dia tahaka izao ny tranga mety hisy : - Raha mandresy an'i Soudan ny ekipam-pirenentsika dia manana isa 9 ary mitana ny laharana voalohany - Raha manao ady sahala fotsiny ihany koa anefa dia manana isa 7, ary mbola mitana ny laharana voalohany ao amin'ny vondrona C hatrany – Raha sanatria kosa ka lavon'i Soudan amin'ny elanelan'isa iray (01) dia mitana ny laharana faharoa – Raha elanelan'isa roa (02) avy hatrany kosa anefa no handavoan'ny Sodaney ny Malagasy dia mihintsana avy hatrany ny Barea de Madagascar ka i Soudan no mitana ny laharana faharoa. Nomarihan'ny mpanazatra Rakotondrabe Romuald "Rôrô", nandritra ny resadresaka nifanaovany tamin'ny mpanao gazety, anefa fa tsy manan-tsafidy afa-tsy ny mandresy an'i Soudan no tsara indrindra ho an'ny Barea de Madagascar. Taorian'ny fihaonana nataony tamin'i Ghana dia efa nanana andro maromaro nialana sasatra ry Tantely sy ry Dax, ka heverina fa manana aina tsara hatontona amin'ny mpifanandrina aminy. Heverina fa raha tafaverin'ny mpilalaontsika ireny endridalao nifanaovany tamin'ny Ganeanina ireny dia azo antoka ny fandresena. Alefa Barea .

**aris rafaly**

Basket - Ambatondrazaka

# Tafatsangana ny Club Basket RATAM

Mpivady mitovy tadindokanga, mpankafy milalao basket-ball, nanapa-kevitra ka nanangana ekipa manokana ho azy, nampitondrainy ny anarany, hampitany ny fahaiza-manao an'ity taranja iombonana mahazo vahana eto amin'ny firenentsika ity. Tamin'ny 22 novambra 2022 no nananganan-dRakotoniaina Famonjena Josué Nathanaël, mitondra ny solon'anarana hoe " Rasta " noho ny fankafizany an'i Bob Marley sy ny mozika "reggae", sy Raharimanganindriana Vonimboahangy Tatamo ny " *Club Basket RAsta sy Tatamo AMbatondrazaka* ". Efa an-dalam-pikarakarana ny antontan-taratasy amin'ny fananganana ny kliobany izy mivady amin'izao fotoana izao. Heverina fa ho vitany aorian'ny alatsinainy 6 febroary 2023 izao izany, satria amin'ny sabotsy 4 febroary 2023 dia hanao ny fivoriambeny ny kliobany, hisafidianana an'izay ho mpikambana ao anatin'ny komity mpanatanteraka, izay hotsongaina ao anatin'ny raiamandrenin'ny mpilalaony ihany. Antony tsotra no namoronany an'ity klioba ity, niainga tamin'ilay teny filamatra hoe : " *Zarina amin'ny làlana tokony halehany ny zaza*". Ankoatra ny fitaizana ara-panahy dia ny fanaovana fanatanjahantena no hitandry zareo fa tsara indrindra : "*Ny saina matsilo dia azo amin'ny vatana tomady, ary ny vatana tomady dia azo avy amin'ny fanaovana fanatanjahantena*".

**Efa misy mpilalao 45**

Nanteriny fa " *Rehefa tia mikotrana ny olona, dia mandà ho azy amin'ny fidorohana zava-mahadomelina, satria handreraka ny vatana izany. Ampandaniana fotoana hikotrana koa izy ireny, farafaharatsiny hihena ny fotoana ho lanilaniany foana amin'ny zavatra tsy misy dikany. Tezaina ho tia mifaninana, hahazo fandresena hatrany*". Anisan'ny nananganany klioba ihany koa ny fisian'ny olana amin'ity taranja ity tany Ambatondrazaka tamin'ny taona 2018 ka hatramin'ny 2022. " *Rava avokoa ny ankamaroan'ny klioba teto aminay. Niparitaka ny mpilalao, nalain'ny klioba hafa ny sasany ary nisy tsy niakatra an-kianja intsony* ". Ny mpilalao beaziny amin' izao voalohany izao dia manomboka amin'ny faha-6 ka hatramin'ny 14 taona no, izay miisa 45 any ho any ary efa betsaka no milaza hanatevin-daharana ny C.B RATAM. Isaky ny roa andro (alarobia – sabotsy ) no fanaovana fanazarantena ao amin'ny Stand Central Ambatondrazaka. Nambaran'izy ireo ihany koa fa ny tanàna mandroso dia malaza amin'ny fanaovana fanatanjahantena matetika. Ny taranja basket-ball no mba ananany talenta, dia izany no hitondrany ny anjara birikiny amin'ny fitaizana sy fampandrosoana ny tananany. Marihina fa tao anatin'ny klioba foana no nisy azy mivady. Ankoatra ny naha mpilalao azy dia efa niatrika fifaninanam-pirenena an-taonany maro, dia efa nanazatra ihany koa izy roa. Anisan'ny nozariny ny Club Angaredona, niatrika ny fifaninanana ho an'ny vehivavy tamin'ny fiadiana ny Amboaran'ny Filoham-pirenena, notanterahina tany Toamasina. Matetika izy ireo no misolotena ny ligin' alaotra Mangoro, miatrika ny fifaninanam-pirenena, rehefa tsy afaka ny filoha Besetroka tamin'izany fotoana izany.

**aris rafaly**



Zarina amin'ny làlana tokony halehany ny zaza !

Rugby

# Raikitra ny "Tournoi AROI" eo amin'ny "U16" sy "U18"

Na dia nikija tsy nisy fiatoana aza ny orana tamin'ny sabotsy, dia mbola nahatratra 204 ny isan'ny mpilalao rugby zandriny latsaky ny 16 taona sy ny tanora latsaky ny 18 taona, nanohina ny antson'ny federasionina Malagasy Rugby, teny amin'ny kianjan'ny Makis Andohatapenaka, izay fantenana hiatrika ny fifaninanana karakarain'ny " Association Rugby de l'Océan Indien ", hatao tsy ho ela atsy amin'ny nosy any La Réunion. Fantatra fa nahatratra 141 ny isan'ireo mpilalao tao anatin' ny sokajy latsaky ny 16 taona, ary 63 kosa ny latsaky ny 18 taona. Mpilalao avy eto Antananarivo Renivohitra avokoa moa izy ireo fa tsy misy ny avy any amin'ny faritany. Voalaza fa ny mason-tsivana, nifantenana ny mpilalao, dia ny haben'ny vatana, ilaina amin'ny filalaovana an'ity taranja ity,na eo amin'ny halavana izany na eo amin'ny haventesana. Matetika dia mandiso fanantenana ny tomponandraikitra ihany ny haben'ny mpilalao, satria iaraha-mahafantatra fa ny ankamaroan'ny mpankafy rugby dia avy amin'ny fianakaviana sahirana arapivelomana. Eo amin'ny fitiliana sy fanivanana an'itony mpilalao itony ihany koa dia ny fandrenesana ny fisian'ny hala-taona, izay fanetriben' ny fanaovana fanatanjahantena. Manoloana an'izany anefa dia hentitra ny tomponandraikitra fa tsy handefitra amin'ny mpandika lalàna. **a.r**

Rivodoza Cheneso

# Nofoanana ny fifaninanana ara-panatanjahantena

Noho ny rotsak'orana tsy misy fiatoana tamin'ny faran' ny herinandro, dia nofoanana avokoa ny hetsika arapanatanjahantena, notanterahina teny ankalamanjana teto andrenivohitra sy ny manodidina azy rehetra. Azo veroka ihany koa anefa fa nitatra hatrany amin'ny faritra maro ny fampiatoana sy ny fanafoanana ny fifaninanana ara-panatanjahantena. Teto andrenivohitra dia anisan'ny voakasiky ny fanafoanana ny fiadiana ny tompondakan'ny "Ligue 2", tokony natao teny amin'ny kianjan'ny Elgeco Plus tamin'ny sabotsy sy alahady. Toraka izany koa ny fihaonana marobe teo amin' ny fiadiana ny tompondakan' ny Section Basket-Ball Antananarivo Renivohitra.

**a.r**

**PETITES ANNONCES** *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-14)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-17)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-14)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-14)

**FIANARANA**

* Fianarana kabary Anjanahary Ambohimahitsy Ampandrianomby. Tél : 034.07.526.31. (G-BA 451/6-1)

**COURS**

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-16)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (GBA 449/5-1)

**VIDANGE**

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-6)

**MITADY ASA**

* L. 27 ans, Sécurité na aide-chauffeur, matotra tsy mifoka-misotro. Tél : 033.75.051.31 / 034.34.056.20. (G-BA 450/1)

Ambohimalaza

# Ankizivavy 12 taona nipetraka irery, naolana tao an-tranony

*Tsy nisy olona araka izany tao aminy tamin'io satria tsy tao ny reniny tamin'io.*

Ankizivavikely 12 taona no nidiran'ny lehilahy iray 23 taona tao an-tranony dia naolan'io tao. Teny Antsarahasina , sud Ambohidray, any amin'ny kaominina Ambohimalaza, no nitrangan'izany ny 16 janoary lasa teo. Rehefa nokarohina io voarohirohy ho tompon'antoka tamin'ny fanolanana io dia ny sabotsy lasa teo no voasambotra tany Ampandrana, fokontany Sud Ambohidray, any Ambohimalaza ihany. Araka ny fanazavana azo, nipetraka irery tao an-tranony ity zazavavikely ity tamin'io 16 janoary lasa teo io rehefa avy nianatra tamin'ny 4 ora tolakandro. Tsy nisy olona araka izany tao aminy tamin'io satria tsy tao ny reniny tamin'io. Nahafantatra izany ralehilahy ka tamin'izay fotoana izay no nitsiry ny hevi-dratsiny nanararaotra ny tsy nahateo an'ilay renim-pianakaviana. Lasa izy nankany an-tranon' ilay zazavavy dia nodondoniny ny varavarana ka novohain'ilay ankizy. Dia rehefa tafiditra tao izy dia io nanatanteraka ny filan-dratsy tamin'io ankizy io.

**Nitsoaka**

Rehefa vita izany fihetsika mamohehatra izany dia lasa nitsoaka ralehilahy. Tsy sahy nitantara ny zava-nanjo azy mihitsy ilay ankizy raha tsy ny 18 janoary lasa teo. Ankona ny reniny raha vao nandre izany ary nandeha nanatona ny zandary nametraka fitoriana. Nandray ny andraikiny ny zandary ka niroso avy hatrany tamin'ny famotorana sy ny fikarohana io lehilahy nanolana io, satria fantatra fa nitsoaka taorian'ny zavadratsy nataony. Fantatra fa mpamaky vato any amin'ny faritra Ambohimalaza any ihany izy saingy tsy hita niasa tany an-toerana intsony raha vao nahafantatra fa nentina tany amin'ny mpitandro filaminana ny mikasika ity raharaha ity. Dia tamin'ny sabotsy maraina lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora no io voasambotra io izy. Nentina natao andrimaso tany amin'ny tobim-paritry ny zandary ralehilahy mialoha ny hitondrana ny raharaha eny anivon'ny fampanoavana. Mitohy ny famotorana.

T.H

Alasora

# Mpanendaka niharan'ny fitsaram-bahoaka

Tovolahy mpanendaka iray no tratran'ny fokonolona teny amin'ny fokontany Ambodivoanjo eny Alasora ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva ka niharan'ny fitsaram-bahoaka. Araka ny fanazavana azo dia izy handeha hanao ny asa ratsiny iny no voasambotry ny olona ka tsy namelan'izy ireo fa dia niharan'ny daroka sy ny vono teo. Nandritra izany no nisy olona nampandre ny zandary avy ao amin'ny tobim-paritra Alasora mikasika ity trangan-javatra ity ka vantany vao nandre izany dia nandeha nidina ifotony tany amin'ilay toerana ahitana io mpanendaka io. Soa ihany fa tonga ara-potoana izy ireo ka avotra ny ain'ilay olon-dratsy na dia efa naratra aza tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo mpitandro filaminana teny an-toerana. Nosamborina avy hatrany ralehilahy ary noho ny ratra nahazo anefa dia voatery nentina tany amin'ny tobim-pahasalamana tany Alasora izy mialoha ny namindrana azy notsaboina teny amin'ny hopitaly HJRA. Rehefa nahazo ny fitsaboana sahaza azy moa izy dia nentina tany amin'ny biraon'ny zandary natao famotorana. Araka ny fanazavana dia vehivavy iray no saika niharan'ny fanendahana tamin'io fotoana io ary dia io tra-tehaky ny olona io izy ka izao niharan'ny hatezeran'ny olona io.

T.H

Ambalavao

# Kamiao nilatsaka tany anaty hantsana, vehivavy iray naratra mafy

Nisehoan'ny lozam-pifamoivozana tany amin'ny lalampirenena fahafito pk 29+900, tany amin'ny fokontany Ambalavao, eny amin'ny distrikan' Atsimondrano, ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora alina. Kamiao iray no nilatsaka tany anaty hantsana tamin'io fotoana io ka vehivavy iray tokony ho 45 taona no naratra mafy vokatr' izany. Araka ny fanazavana azo dia avy any Antsirabe ity fiara be ity ary ho aty Antananarivo. Tsy fantatra izay nahazo azy fa nijanona kely tao anaty fiolanandalana izy. Nandritra izany anefa no nisy fiara iray hafa iray lalana aminy tao aorianany ka voadonan'io ity kamiao ity ary dia io nifatratra tany anaty hantsana io, tokony ho 100 metatra miala ny arabe ny halalin'ny toerana nianjerany.

T.H

Ambilanibe

# Lehilahy mpanamboatra môtô tratra nanosika môtô halatra

Lehilahy iray 39 taona tratra ambodiomby nangalatra môtô ny sabotsy lasa teo teny Ambilanibe. Tsikaritry ny olona teny an-toerana hafahafa fihetsika ralehilahy no sady kaodikaody satria teny ampanosehana ilay môtô izy dia mitoditodika sady mijery ny manodidina. Niantso polisy avy hatrany ny olona ka raha vao naheno izany dia nandeha nankeny an-toerana ny polisy avy amin'ny Companie Urbaine d'Iintervention na CUI Tsaralalàna ka tratra teny ralehilahy. Nandritra ny fisavan'ny mpitandro filaminana azy dia tsy nisy taratasy momba ilay môtô na dia iray aza teny aminy ary tsy nahitana fanalahidin'ilay môtô ihany koa. Hitan'ireo polisy nandritra ity fidinana ifotony ity ihany koa fa nopitsohina ny lohan'ilay môtô tamin'ny fotoana nangalarana azy mba hahafahany nanosika izany. Nosamborina ity lehilahy ity ary nentina tany amin'ny biraon'ny polisin'ny Sut teny Tsaralalàna taorian' izay, natao andrimaso sy famotorana. Fantatra fa mpanamboatra môtô no asan'ity lehilahy ity.

T.H

Ankazobe

# Roa lahy maty sempotra tany anaty lavaka

Roa lahy, 22 taona sy 41 taona, no maty sempotra tany anaty lavaka kariera ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora maraina, tany Ambohimanarina, any amin'ny kaominina Ambolotarakely, any amin'ny distrikan' Ankazobe. Araka ny fanazavana dia nanao asa teo amin'ilay kariera izy roa lahy ireto tamin'io fotoana io. Nidina tany anaty lavaka tany izy ireo. Lalina io lavaka nidinan'izy roa lahy io satria tokony ho 35 metatra tany ho any. Tafidina soa aman-tsara tany ambany tany izy ireo. Saingy rehefa vita izay nataony tany ka handeha hiakatra amin'izay dia tsy tafiakatra intsony, satria sempotra tao amin'ilay toerana nisy azy ireo tany anaty lavaka tany izy ireo. Tsy nahatsiaro tena tao intsony izy roa lahy. Hatairana ny an'ny mponina tany raha nandre ny zava-niseho ka nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany. Vantany vao nandre mikasika izany ny zandary avy ao amin'ny zana-tobim-paritra Ambolotarakely dia nandeha nanao fidinana ifotony tany amin'ilay toerana nahitana ireo olona tavela tao anaty lavaka ireo nanao fitsirihana sy fizahana. Natao izay fomba rehetra nialan'izy ireo tao. Nifanome tanana tamin'izany ny fokonolona. Dia tafala tokoa izy ireo saingy ny vatana mangatsiakany no novantanin'ny olona. Taorian'ny fizahana nataon'ireo tomponandraikitra dia nentina nankany amin'ny tobim-pahasalamana tany an-toerana ireo razana. Fantatra fa monina any Ambolotarakely ihany izy roa lahy tra-doza ireto ary natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'izay.

T.H

Bekily

# Mpangalatra maty voatifitry ny zandary

Lehilahy iray voalaza fa mpangalatra efa voasambotry ny zandary no nitsoaka teny an-dalana indray rehefa handeha hiaraka amin'ireo mpitandro filaminana hisambotra ny namany, ka voatery notifirina rehefa tsy nety hijanona. Nitarika tamin'ny fahafatesana izany. Tany Bekily no nisehoan'izany omaly tokony ho tamin'ny 6 ora maraina. Nomena fampitandremana mba hijanona izy saingy tsy nety fa mbola nanohy ny diany ihany ka voatery nampiasa ny basy teny aminy ny zandary. Naratra mafy ralehilahy ary be loatra ihany koa ny rà very ka nitarika tamin'ny fahafatesany izany. Efa naverina any amin'ny tompony ireo entana nisy nangalatra ireo.

T.H

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 898 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Tsaramaso sy poarao

**Zavatra ilaina :** tsaramaso lena 4 kapoaka, poarao 5 voatetika, voatabia 2 voatetika, tongolo be roa voatetika, poavrao kely 1 voatetika, menaka 3 sotro, sira.

**Fomba fikarakarana azy :** Ampangotrahina ny rano dia arotsaka ny tsaramaso. Asiana sira rehefa malemy. Endandasina ny poarao, ny voatabia, ny tongolo be, ny poavrao, ny sira. Rehefa ketsaketsa ny tsaramaso dia arotsaka ny lasaosy teo ambony. Andrahoina kelikely dia tsy atao ritra.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

Fetsy




## Hatsikana an-tsary

Fanafohezana




## Masoandro Miposaka

**Isaia 64 : 7**

Fa ankehitriny, Jehovah ô, rainay Hianao; izahay dia tanimanga, ary Hianao no mpanefy anay, ary asan'ny tananao izahay rehetra.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Bingo manao matso, ka misalovana ny anjaran'ny sasany.**

**Un bancal voulant passer une revue ne fait qu'embarrasser les autres.**

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2862

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 6 | 9 | | 1 | 5 | | | 2 |
| 1 | 4 | | | | 8 | 6 | | |
| | | 2 | | | | | | |
| | 8 | | | 2 | 4 | | | |
| | 3 | | | | | | | |
| 7 | | 1 | | 6 | 9 | | | 8 |
| 4 | 2 | | | | | 7 | | 1 |
| | | | | | 2 | 8 | | 4 |
| | | | | 7 | | | 3 | |

Valin'ny laharana 2861

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 1 | 9 | 5 | 3 | 6 | 8 | 2 | 7 |
| 3 | 8 | 2 | 7 | 4 | 9 | 6 | 1 | 5 |
| 7 | 5 | 6 | 2 | 1 | 8 | 4 | 3 | 9 |
| 1 | 6 | 4 | 9 | 7 | 3 | 5 | 8 | 2 |
| 2 | 9 | 6 | 4 | 8 | 1 | 3 | 7 | 6 |
| 8 | 3 | 7 | 6 | 2 | 5 | 1 | 9 | 4 |
| 6 | 7 | 1 | 3 | 5 | 2 | 9 | 4 | 8 |
| 5 | 4 | 8 | 1 | 9 | 7 | 2 | 6 | 3 |
| 9 | 2 | 3 | 8 | 6 | 4 | 7 | 5 | 1 |

FFKM

# Hiditra an-tsehatra hanara-maso ny fifidianana filohan'ny Repoblika

*Hijoro ho vavolombelona amin'ny fahamarinana amin'ny resaka fifidianana ireo filoham-piangonana efatra mirahalahy raha ny fanambarana navoakany, omaly.*

Hitondra ny anjara birikiny mba hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra ireo Raiamandreny ara-panahy eo anivon'ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara, araka ny fanambarana novakian'ny Mpitandrina Dr Andriamahazosoa Irako teny amin' ny Katedraly Anglikana Ambohimanoro, omaly. Araka ny fanazavany, mba hisorohana ny hosoka sy ireo endrika hala-bato samihafa dia hiditra an-tsehatra hanara-maso ny fifidianana filohan'ny Repoblika sy ny fifidianana kaominaly hotanterahina eto amin'ity taona ity ny kristanina eo anivon'ny FFKM. Fanontaniana manitikitika ny saina ao anatin' izany ny hoe hijanona any anaty birao fandatsahambato any fotsiny ve ny fanaraha-maso hataon'ireto Raiamandreny ara-panahy ireto sa hitohy amin'ny famoahana voka-pifidianana tsy ofisialy ankoatra ny avoakan'ny CENI mihitsy izany? Ny azo antoka aloha dia maharakotra tanteraka an'i Madagasikara ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara satria ahitana sampan'izany avokoa ny distrika rehetra.

**Fifamindram-pitarihana**

Tsy niandry ela fa omaly ihany dia nihazakazaka be ny fanehoan-kevitry ny mpanao politika mikasika ny maha zava-dehibe izany fahavononan'ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara hifanome tanana amin'ny resaka fifidianana izany. Miandrandra sy manantena ny rehetra ao anatin'izany fa hijoro ho vavolombelona amin'ny fahamarinana amin'ny resaka fifidianana ireo Raiamandreny ara-panahy ireo. Marihina fa notanterahina teny amin'ny Katedraly Anglikana Ambohimanoro omaly ny fifamindram-pitarihana teo amin'ny Filohan'ny FFKM teo aloha, Rev Samoela Jaona Ranarivelo sy ny Filoha vaovao, ny Mpitandrina Ammi Irako Andriamahazosoa, izay hitarika indray ny FFKM mandritra ity taona 2023 ity.Tonga nanatrika izany ny Praiminisitra Ntsay Christian, ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Herimanana Razafimahefa ary ny Filohan'ny CENI Dama Arsène. Tazana teny ihany koa ny Filohan'ny TIM Marc Ravalomanana sy ny Sekretera Jeneralin'ny HVM Alain Désiré Rasambany.

**Mamy R.**

Hery Rajaonarimampianina

# "Mila fifidianana eken'ny rehetra ny Malagasy, hisorohana ny korontana"

Niditra mivantana tamin'ny alalan'ny antso an-tariby, avy any Frantsa, ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina, nandritra ny varavarana misokatra, notanterahina tany Antsirabe, ny asabotsy lasa teo. Nandritra izany no nilazany fa « mila fifidianana marina sy tsy mitanila ary eken'ny rehetra ny vahoaka malagasy mba hisorohana ny korontana ». Ankoatra izay dia niantso ny tsirairay hiaro ny demôkrasia sy hijoro ny Filoha teo aloha, satria manana andraikitra hanarina ny firenena. Taorian'ny fampahatsiahivany ny zavabitan'ny antoko, nandritra ny fotoana nitantanany ny firenena (famatsiana herinaratra any Ambatolampy, fanorenana seranam-piaramandina ao Antsirabe, satria efa nanana vina tsy hijanona fotsiny amin'ny fambolena hamatsiana ny ato anatiny fa hanondrana any ivelany) dia nitodika tamin'ny tanora i Hery Rajaonarimampianina, mba handray andraikitra. Ho an'ireo mpikambana dia toromarika no nomeny ny hanaporofoan' ny rehetra, amin'ny asa fa antoko mijoro sady velona ny HVM. Fotoana tokony hanovana rafitra sy hanovana fomba fijery ny taona 2023, hoy izy. Fotoana ihany koa hanohizana ny asa, rehefa tafapetraka nanomboka tamin'ny 2014 ny fotodrafitrasa ka nahatafakatra maherin'ny 5 % ny harinkarena faobe, nefa dia izao latsaka ambany dia ambany izao. Fotoana ihany koa anefa hanitsiana ny tsy nety, hoy ihany ny Filoha teo aloha.

**Omena lanja ny tompon'andraikitra any amin'ny faritra**

Ny mpandrindra nasiônalin' ny antoko kosa nandritra ny fandraisam-pitenenana dia nanamarika fa efa vita tamin' ny taon-dasa ny fitsidihana ny tapany Atsimo. Hotohizana ny fitetezam-paritra, aorian' ny fiverenan'ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina an-tanindrazana, hoy ihany i Rivo Rakotovao. Tanjona amin'izany ny hanomezan-danja ny tompon'andraikitra any ifotony, andaniny, sy hihainoana ny feon'ny sokajin'olona samihafa (tantsaha, mpandraharaha, tanora...), ankilany. Nomarihiny fa tonga tamin'ny toerana tsaratsara, tamin'ny 2018, ny firenentsika nefa izao tra-pahasahiranana izao. Antony tsy maintsy hijoroana, hanohizana ny asa efa natomboka. Ny sekretera jeneralin'ny HVM Rasambany Alain Désiré kosa, taorian'ny fampahatsiahivana ny asa vitan'ny antoko, tamin'ny alalan'ny fampirantiana dia nanamarika fa mila mijoro ny olom-pirenena tsirairay, satria mandalo olana ara-toekarena, ara-tsôsialy, ara-piarahamonina ary ara-pôlitika i Madagasikara. Manoloana izao fandalovan'ny loza voajanahary izao dia nametrapanontaniana ny Filoha teo aloha ny amin'ny hoe: Inona no nentin'ny fitondrampanjakana hanamaivana sy hiatrehana izany, satria mila paikady sy pôlitika izany ? Notsiahiviny fa anjaran'ny fanjakana no mametraka môdelim-pandrosoana taorian'ireny fandalovan'ny valan'aretina Covid-19 ireny. Betsaka, hoy izy, ny ny firenena niharan'ny valan' aretina no efa tafarina.

**V.R.**

Fidinana an-dalambe tao Tsiroanomandidy

# Miendrika valifaty, hoy ireo mpomba ny governora

Namofompofona hetsika fitakiana fialan'ireo tompon-andraiki-panjakana ambony iny faritra Bongolava iny tato ho ato. Taorian'ny fitakiana fialan'ny prefet, dia izao miditra izao indray ny fitakiana fialan'ny Governora. Miendrika valifaty ihany ireny fidinana an-dalambe notarihin'ny Solombavambahoaka sy ben'ny tanàna vitsivitsy tany Tsiroanomandidy ny faran'ny herinandro teo ireny, hoy ireo mpanara-dia ny governoran'ny faritra Bongolava. Karazan'ny valy bontana tamin'ny nanesorana ny "prefet" teo aloha ireny hetsika nataon'izy ireo ireny, araka ny fanazavana. Raha tsiahivina tokoa, dia nivoaka ny didim-panjakana fanesorana ny Préfet-n'i Tsiroanomandidy, andro vitsy taorian'ny fijoroan'ny governora manoloana ny porofo nentin'ny vahoaka sy ny ben'ny tanàna maromaro nandritra ny hetsika fitakiana ny fialan'ity tompon-andraiki-panjakana ity. Tena valifaty tokoa ary ve ny anton'izao fihetsiketsehana izao? Ny tsara ho fantatry ny rehetra aloha, dia samy manohana ny lokon'ny fitondrana ankehitriny na ny Governora na ny Solombavambahoaka mitaky ny fialàny ka somary hanano sarotra ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ity raharaha ity.

**Niry R.**

## Marina izany !

### Fambara hafahafa !

**Raha somary tony ny rivotra pôlitika teo amin'ny mpanohana ny fitondrana, taorian'ilay fitsipahampitokisana tsy tody hatramin'ny farany iny, tsikaritra ho misamboaravoara indray izany amin'izao fotoana izao. Ankoatra ny ady mangatsiaka sy ny fifamingampinganana eo amin'ny samy olomboafidy sy ny olomboatendry mpiray antoko dia nampihariharian'ny fitokonana nataon'ny ben'ny tanàna TGV, mangataka ny fialan'ny governora any amin'iny faritr'i Bongolava iny indray ny disadisa eo amin'ny samy mpomba ny fanjakana. Fihetsika mahabe resaka eny amin'ny tambajotra sôsialy ary tsy vitsy amin'ny mpikirakira " facebook " no mametraka ahiahy ny amin'ny hoe fambara hafahafa, araka ny ambaran'ny soratra masina ny amin'ny hoe: " rava ny fanjakana miady an-trano. Ny irariana dia mba ho tody amin'ny fifampiresahana ny mpiray antoko ka ho tonga amin'ny marimaritra iraisana, handaminana ny disadisa. Maro rahateo ny olana tokony handaniana fotoana sy hiarahana ny famahana azy, miohatra amin'ny fifamingampinganana, noho ny tombontsoa samy manana ny azy sy ny hambom-po diso toerana. Mikasika ny faritr'i Bongolava manokana dia maro ny asa miandry ny olomboafidy sy ny olomboatendry, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fanamaivanana ny olan'ny tantsaha amin'ny resaka masomboly sy ny zezika. Toy izany koa ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana izay nirongatra tato anatin'ny volana maromaro izao. Tsy resahina intsony ny olana manodidina ny fitrandrahana sy ny famoahana harem-pirenena tsy ara-dalàna izay miteraka resabe, ampian'ny fifampiampangana fanamparam-pahefana sy fandikan-dalàna ataon'ny manampahefana sasantsasany, tsy ahafantarana intsony ny manana ny marina sy ny diso.**

Voahangy Rakotozafy

Fanamboarana ny lalam-pirenena faha-6

# Haharitra 8 volana ny asa izay hatomboka amin'ny teboka mainty

Nidina ifotony nijery ny asa maika mahakasika ny fanamboarana ny lalam-pirenena faha-6, mampitohy an'Ambondromamy Ambanja ny minisitry ny Asa Vaventy, Hatrefindrazana Jerry, tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, niaraka tamin'ny teknisian'ny minisitera. Asa izay tsiahivina fa vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola, amin'ny alalan'ny tetikasa PDDR (Projet de Développement Durable des Routes) sy ny CERC (Composante d'Intervention d'Urgence et de Contingence). Anisan'ny antony miteraka ny fahasimban'ny lalana, hoy ny minisitra mpiahy, ny fahanteran'ny rafitra nanamboarana ireny lalam-pirenena ireny ka tsy mifanaraka intsony amin'ny havesatry ny fiarakodia vaventy mandalo eo amboniny. Nomarihiny fa hatomboka amin'ny fanamboarana ny teboka mainty, hisorohana ny fahasimban'ny fiarakodia sy hanatsarana ny fivezivezena amin'io lalam-pirenena io ny asa. Aorian'izay dia hirosoan'ny orinasa malagasy « ISO CONST », nahazo ny tsenam-barotra, ny fanamboarana ny asa maharitra izay tsiahivina fa haharitra valo volana ary kendrena hifarana amin'ny volana nôvambra. Manoloana ny fisian'ny orana vokatry ny rivodoza dia tsy maintsy hiato ny asa. Nomena toromarika ny orinasa hampitombo ny ekipa mandamina sy mijery ny lavaka mandra-pitsahatry ny orana, mba hiomanana amin'ny fanombohana ny asa fanamboarana.

**V.R.**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Rotsak'orana

# Hitohy ato anatin'ny efatra andro, mbola hiakatra ny haavon'ny rano

*Nahazo fampilazana miloko mavo na loza manamabana.*

Mitohy ny firotsahan'ny orana amin'ny faritra Afovoany Andrefana sy Atsimo Atsinanana ary ny faritra sasany amin'ny afovoantany. Araka ny fampitam-baovao avy amin'ny sampandraharaha misahana ny fampahafantarana ny toetr'andro dia hitohy hatramin'ny alakamisy 26 janoary ho avy izao ny orana amin'ireo faritra voalaza etsy ambony. Hitombo ny rotsak'orana, satria mety hahatratra 70 ka hatramin'ny 100 milimetatra (mm) ao anatin'ny 24 ora. Anisan'ireo distrika voakasik'ity fahabetsahan'ny rotsak'orana ity ny any Ambanja, Bealalana, Analalava, Antsohihy, Boriziny, Mampikony, Miandrivazo, Belon'i Tsiribihina, Farafangana, Vondrozo, Vangaindrano, ary ireo distrika rehetra ao amin'ny faritra Boeny, Vatovavy, Fitovinany ary Analamanga. Manoloana ny fahabetsahan'ny rotsak'orana taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso, dia nahitana fiakarana avokoa ireo renirano telo mandalo eto amin'ny lemak'Antananarivo. Araka ny fampitam-baovao teo anivon'ny APIPA (Autorité pour la Protection contre les Innondations de la Plaine d'Antananarivo), omaly, dia nahitana fiakarana 0,59 metatra (m) ny haavon'i Sisaony tao anatin'ny 24 ora araka ny maridrefy nalaina teny Ampitatafika. Niakatra ihany koa ny haavon'Ikopa, ka nahatratra 0, 34 m ny fiakarana teny Ambohimanambola, 0,58 m teny Anosizato, ary 0,54 m teny Bevomanga. Niakatra 0, 02 m ny haavon'i Mamba araka ny maridrefy nalaina teny Ambohidroa. Novinavinaina mbola hiakatra ny haavon' ireto renirano ireto, ka nomena fampilazana miloko mavo na loza manambana ireo mponina manodidina.

**R. Muray**

Fitandrahana fasimainty

# Niray feo ireo filoham-pokontany maherin'ny 70 ao Toliara II

Mafampana ny ady hevitra mikasika ny raharaha fitandrahana fasimainty ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Niray feo ny ankamaroan'ireo filoham-pokontany maherin'ny 70 avy amin'ny kaominina Tsianisiha, Ankilimalinike, ary Manombo sy Morofoty, ao anatin'ny distrikan'i Toliara II, mikasika ny fangatahan'izy ireo ny hanokafana ny tetikasa Base Toliara. Nandritra ny fivoriana niresahana ny fampandrosoana ny distrika, izay niarahan'ireo olom-boafidy, tao Mangily, tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, no nivoahan'ny hetahetan' ireto farany. Araka ny fehin'ny fivoriana notaterin' ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ity distrika ity, Rochelin Roussen, dia zava-dehibe ny fananan'ny kaominina tsirairay avy orinasa ary tsy lazaina intsony ny fampandrosoana nentin'ny Base Toliara tao Ankilimalinike sy Tsianisiha. *"Resy lahatra ny vahoaka aty ifotony fa hitondra tombotsoa ho azy ireo ary hipaika hatrany amin'ny tokantrano tsirairay mihitsy ity tetikasa ity. Ireo vahoaka ireo no mangataka ny fanesorana ny fampiatona sy ny fampandehanana ity tetikasa ity. Izaho no mitondra ny tenin' izy ireo ary miantso ny Filohan'ny Repoblika ny tenako mba handray fanapahan-kevitra mifandray amin'izany."*, hoy ny solombavambahoaka, Rochelin Roussen.

*Niantso ny Filoham-pirenena handray fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny fangatahan'ny vahoaka.*

**Mamorona asa**

Naneho ny alahelony tamin' ny fampiatona ity tetikasa ity Ramanoel, mponina ao Ranobe, ary nanamafy fa ny fisian'ny Base Toliara dia nitondra fampandrosoana niainga teny amin'ny fokontany sy ny kaominina ka hatrany amin'ny faritra. Ny ao Manombo ohatra dia misy orinasa eo amin'ny efatra ary tena mandray anjara amin'ny famoronana asa sy ny fampandrosoana ao an-toerana. Noresahina tao anatin'ny fivoriana ihany koa ny fampandrosoana hafa tokony hoentina eo anivon'ny distrika, toy ny fananganana ny fikambanan'ireo filoham-pokontany, ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiandraikitra ny dina sy ireo mpitandro ny filaminana, ary ny tambinkaraman'ireo filoham-pokontany.

**R. Muray**

"Covid-19"

# Olona 1 namoy ny ainy, 29 ireo tranga vaovao


Misoko miadana ny "Covid-19". Olona 1 no matin'ity valanaretina ity teo anelanelan'ny 14 ka hatramin'ny 20 janoary lasa teo. Nisy tranga vaovao 29 tao anatin'io fepotoana io. Faritra enina manerana ny Nosy no nahitana ireo marary vaovao, koa teto Analamanga avokoa ny 24 ary nahitana 1 avy tany Amoron'i Mania, Atsinanana, Boeny, Matsiatra Ambony, ary Itasy. Mbola misy marary 55 manaraka fitsaboana ankehitriny, ka ny 5 amin'ireo no maneho tranga misy fahasarotana. Raha atao ny jery todika dia efa tafakatra 67 817 ny fitambaran'ireo olona efa nolazoin'ity aretina ity teto Madagasikara. Sitrana avokoa ny 66 343 tamin'ireo ary lavo ny 1 419. Nahatratra 523 878 ny fitambaran'ireo fitiliana vita tao anatin'izay fotoana izay. Mihamihena ny fahafahan'ity valanaretina ity mamindra eto amintsika manoloana ny fihenan'ireo tranga hitan'ny fitiliana. Na izany aza, ilaina hatrany fahamailoana, satria raha ny any Sina manokana dia mbola tsy voafehy ny fiparitahan'ity valanaretina ity ary ahiana hiverina hiparitaka amin'ny firenena manerantany mifandray aminy.

**R. Muray**

Ambositra

# Hametrahana orinasa mpanodina tantely

Manana ny lazany amin'ny famokarana tantely ny faritra Amoron'i Mania. Noraisana tamin'ny fomba ofisialy tao Ambositra tamin'ny faran'ny herinandro teo, tao anatin'ny tetikasa "Taninketsa Indostrialy", ny fahatongavan'ireo fitaovana hoentina mametraka ny tetikasa fanodinana tantely ao an-toerana. Tonga nampiseho ireo fitaovana tany Ambositra ny minisitry ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana. Avy hatrany dia natomboky ny minisitra tamin'io fotoana io



**Hampiakatra ny lanjan'ny tantely ny fanodinana azy.**

ny fanaovana ny antso fahalinana ho an'ireo mpandraharaha maniry te hitantana ity tetikasa ity. Vao tamin'ny iray volana lasa rahateo no nametrahana ny vovonana PLATMIAM, izay ivondronan'ireo tantsaha mpamokatra sy kaoperativa misehatra amin'ny fihariana tantely. Napetraka ihany koa ny komity hiandraikitra ny fifantenana ireo olona hitantana ny tetikasa. Tsy maintsy misy avy eo ny fifanaraham-piarahamiasa ataon'ny minisitera miaraka amin'ny mpitantana sy ny PLATIMIAM, ary ny fanomezam-panofanana amin'ny fomba fampiasana ireo fitaovana. *"Efa tonga any Antananarivo avokoa ireo fitaovana rehetra hoentina mametraka ireo orinasa 75 any amin'ny faritra manerana ny Nosy. Mbola hisy fitaovana mitovy amin'ny eto Ambositra hapetraka any amin'ny distrrika 16 hafa. Anisan'ireo indostria mbola hapetraka ireo misehatra amin'ny fanodinana menaka, siramamy, voatabia, voamaina, sns."*, hoy ny minisitra Edgard Razafindravahy.

**R. Muray**

Takaitran'i Cheneso

# Olona 6 tsy hita lasan'ny rano, 3 namoy ny ainy, 13 180 ireo traboina

Mitombo andro aman'alina ny fiantraikan'ilay rivodoza Cheneso. Araka ny fampitam-baovao ofisialy avy amin'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes), dia niakatra 6 ireo olona tsy hita popoka lasan'ny rano. Ankoatra ilay zaza lasan'ny rano tao amin'ny distrikan'i Diego II, dia nisy vehivavy roa, 62 taona sy 40 taona, lasan'ny renirano tao amin'ny kaominina Matsoandaka, distrikan'i Befandrina Avaratra, faritra Sofia, tamin'ny alakamisy lasa teo ary mbola tsy hita hatramin'ny omaly. Olona iray tao amin'ny fokontany Anjiahely sy olona 1 hafa tao amin'ny fokontany Matsohely, distrikan'Andapa, faritra Sava, no tsy hita. Olona 1 hafa no tsy hita lasan'ny rano tao amin'ny fokontany Miadandririnina, distrikan'i Tsaratanana, faritra Betsiboka. Niakatra 3 ny isan'ny maty, ka ankoatra ilay zaza maty tao amin'ny distrikan'Andapa dia lehilahy iray avy nentin'ny rano no hita faty tao amin'ny fokontany Androrongabe, distrikan'i Vavatenina, faritra Analanjirofo. Olona 1 hafa koa no fantatra fa namoy ny aina tao amin'ny fokontany Masiaposa, distrikan'Andapa. Niakatra 13 180 ny isan'ireo traboina, koa nisy 5 461 tany Analanjirofo, 3 653 tany Vatovavy, 3 142 tany Boeny, 876 tany Sofia, ary 48 teto Analamanga. Olona 7 240 no voatery nafindra toerana amin'ny toerana fandraisana traboina miisa 23 eny amin'ireo faritra tra-doza. Sekoly 89 tra-doza, koa nisy 43 tondraky ny rano ary efitrano sekoly 15 no potika tanteraka. Mpianatra eo amin'ny 2 022 no voakasiky ny fahasimban'ireto fotodrafitrasam-pampianarana ireto. Mbola tapaka ho an'ny fifamoivoizana ny lalana mampitohy an'i Moramanga sy Anosibe an'Ala, ny lalana eo anelanelan' Antogomena Bevary sy Bemokotra, ny lalana mampitohy an'i Soalala sy Katsepy, ny lalana ifandraisan'i Vavatenina sy Miarinarivo ary Vavatenina sy Ambatoharana.

*Mpianatra eo amin'ny 2 022 tsy afaka hianatra.*

**R. Muray**

VMF - "Mitabe ho an'ny fampandrosoana"

# Hitondra ny anjara birikiny eto amin'ny firenena

Mihetsiketsika ireo karazam-pikambanana sy antoko politika eto amin'ny firenena. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny sabotsy lasa teo, teny Ankorondrano, ny fitsanganan'ny VMF (Vondron'ny Mpitolona ho an'ny Fampandrosoana) sy ny "Mitabe ho an'ny Fampandrosoana". *"Handray anjara feno amin'ny raharaham-pirenena izahay. Kendrenay ny hitondra fanovana tsaratsara kokoa ho an'ny isam-batan'olona mba tsy ho vesatra ho an'ny fanjakana ny vahoaka fa mba handray anjara amin'ny famokarana"*, hoy i Tsaratiana Laurent, mpitondra tenin'ny fiombonana no sady filohan'ny FIFOMAMA (FIombonan'ny sy FOto-kevitra MAha MAlagasy). Antoko politika roa sy fikambanana 15 no mandrafitra ity fiombonana ho an'ny fampandrosoana ity ary mbola hosokafana amin'ireo antoko na fikambanana hafa mitovy fomba fijery aminy. Ity fiombonana ity rahateo dia handray anjara feno amin'ny fifidianana manomboka amin'ity taona ity amin'ny alalan'ny fametrahana kandida na koa fanohanana kandida.

*Handray anjara amin'ny fifidianana misy eto amin'ny firenena.*

**Miaraka**

Nasaina manokana nanatrika ny lanonana ny Governoran' ny faritra Bongolava amin'ny maha zoky Raiamandreny azy sy amin'ny maha mpanolo-kevitra azy tamin'ny fananganana ity fiombonana ity. *"Rehefa fampandrosoana no fototra na any Bongolava na eto Antananarivo dia manohana foana ny tenako. Matoa misy ny fiombonana dia midika ho firosoana amin'ny tsaratsara kokoa ary miezaka amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Ity fiombonana ity koa dia mitambatra amin'ny fangatahana ny filoham-pirenena ankehitriny hirotsaka amin'ny fifidianana amin'ity taona ity sy manohana azy amin'ny firotsahany sy amin'ny asa ataony"*, hoy ny Governora, Jly Joseph Ramiaramanana.

**R. Muray**